## NY TENY FIAINANA

*"Fa tsy tianay tsy ho fantatrareo, ry rahalahy, ny amin'izay modi-mandry, mba tsy hahalahelovanareo tahaka ny sasany izay tsy manana fanantenana."*
***I Tesaloniana 4:13***

**Baolina kitra**

# Me Rôrô no mpanazatra vaovaon'ny Barea misolo an'i Dupuis

Me Rôrô na Rakotondrabe Romuald Félix no voatendren'ireo mpikambana ao amin'ny kômity mpanatanteraky ny FMF, ho mpanazatra vaovaon'ny Barea A hisolo toerana an'i Nicolas Dupuis tamin'ny talata 30 mey 2023 teo. Tsy zoviana amin'ny maro intsony ity mpanazatra hisolo toerana an'ingahy Nicolas Dupuis ity, fa nahavita be tamin'ny fitantanana ny Barea Chan tany Algérie farany teo. Izy izany no hitarika ny Barea A indray amin'ireo lalao roa farany hatrehany amin'ny fifanintsanana hahazoana miatrika ny CAN Côte d'Ivoire 2023, izay fantatra fa efa votsotra tanteraka ho antsika Malagasy, fa tsy azo hatao ambaninjavatra kosa noho izy hitarafan'izao tontolo izao, indrindra fa i Afrika ny fivoaran'ny baolina kitra Malagasy. Mba tsy ho romoromo toy ny teo aloha intsony indray anie no hisarahana rehefa hifarana ireo lalao roa hatrehan'ny Barea A ireo, fa hilamina dieny aty am-panombohana ny fifanarahan'i Me Rôrô sy ny FMF. Irarian'ny mpitia baolina kitra Malagasy ny mba hisitrahan'ity mpanazatra Malagasy ity ireo tombontsoa nomena an'Ingahy Nicolas Dupuis hatram'izay nitantanany ny Barea izay.



*Me Rôrô.*

***Rainilita***

**Handball Women IHF TROPHY AFRICA - ZONE 6**

# Tompondaka avokoa ny Akio vehivavy Malagasy

Tompon-daka ny fifaninanana hand-ball Ihf Trophy Africa Zône 6 avokoa, ny ekipam-pirenena Handball Malagasy ( Akio), sokajy "cadettes" sy sokajy "juniors", rehefa samy nandresy avy teo amin'ny lalao famaranana tao amin'ny kianja "Oralando Community Hall, Johannesburg, South Africa », tamin'ny sabotsy 27 mey 2023 teo. Famaranana "Cadette" : Madagascar 28 – 12 Malawi. Famaranana "junior" : Mdagascar 17 – 14 Afrique du Sud. Marihana fa firenena niisa 8 no nandray anjara tamin'ity fifaninanana ity (Madagascar, Malwi, Mozambique, Namibie, Afrique du Sud, Seychelles, Zambie ary Zimbawé), ka taorianan'ny « déclassement » an'ny ekipa Zambiana dia tafita niatrika ny 1/2-dalan'ity fifaninanana ity avokoa ny Akio sokajy "Cadette" sy Sokajy "Junior", ka ireo tafakatra tamin'ny famaranana ireo.



*Akio Cadette sy Junior 2023 tany Afrika Atsimo.*

***Rainilita***

**Baolina kitra**

# Ny 14 oktobra no hifidianana ny ho filohan'ny FMF vaovao

Nampahafantarin'ny "Commission électorale FMF" teny Isoraka tamin'ny talata 30 mey 2023 lasa teo avokoa, ireo daty hanatanterahana an'ireo fifidianana amin'ireo rafitra hitantana ny baolina kitra Malagasy amin'ny 4 taona manaraka. Marihana fa Ramatoa Ralavarisoa Beby Fabienne no filoha mpitarika an'ity "Commission électorale FMF" ity, izay hanatanteraka ny fitarihana an'ireo fifidianana rehetra hatao ary efa fantatra ihany koa ny «commission de recours Fmf » hanaovana fitarainana raha misy amin'ireo fifidianana rehetra hatao. Fantatra ary fa amin'ny sabotsy 1 sy alahady 2 jolay 2023 no ho fidian' ireo klioba misy eto Madagasikara, ireo filohana seksiona vaovao manerana ny Nosy. Amin' ny sabotsy12 aogositra 2023 no hifidy an'ireo filoha vaovao hitantana an'ireo ligy rejionalin'ny baolina kitra miisa 22 ireo filohana seksiona vaovao ireo ary amin'ny sabotsy 14 oktobra 2023 kosa no hanatanterahana ny fifidiana izay ho filohan'ny FMF vaovao tena hisolo toerana an'Andriamatoa Arizaka Raoul Rabekoto, izay nosoloin'Andriamatoa Andrianony Victorien toerana vonjimaika. Tena mila olom-baovao tanteraka ny fitantanana an'ity rafitry ny baolina kitra Malagasy ity, izay tsy nitsahatra nitrangana savorovoro matetika tao anatin'ny taona maro.




*Ny biraon'ny FMF ao Isoraka.*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henakisoa sy anandrano** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ridritra izany na atao ketsaketsa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba fisorohana tsy ahatapahan'ny lalan-drà

Fanasitranana sy fisorohana ny lalan-drà tsy ho tapaka, na ho tsentsina sy fiarovana amin'ny fiakaran'ny tosidrà amin'ny fomba tsotra ary natoraly indray, no Mahasoa eto amin' ny gazetinao androany.



Zavatra ilaina :
- Tongolo gasy (4).
- Sakamalao lehibe iray (4 cm).
- voasary makirana(4).
- rano (2 litatra).

Fikarakarana azy :
- Sasana madio tsara ny voasary makirana ary silahina zaraina efatra.
- Voasana ny tongolo gasy sy ny sakamalao ary totoina ho potika tsara.
- Manaraka izany dia arotsaka ao anaty vilany izany rehetra izany ary asiana rano roa litatra.
- Ampangotrahina mandritra ny 10 minitra.
- Avy eo, avela hangatsiaka tsara ary esorina ny faikany dia azonao atao ao anaty tavoahangy ny ranony ary azo tehirizina ao anaty vata fampangatsiahana.

Fihinanana azy :
- misotro iray vera alohan'ny sakafo maraina.
- tsara koa ny misotro izany adiny 2 ora alohan'ny hatory.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Antanambao Manampontsy distrikan'Antanambao Manampontsy faritra Atsinanana

Ireo tanàna amin'ireo distrika miisa 7 ao amin'ny faritra indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Ampahafantarina androany ny tanànan'Antanambao Manampontsy, renivohitry ny kaominina Antanambao Manampontsy, iray amin'ireo kaominina miisa 5 mandrafitra ny distrikan'Antanambao Manampontsy. Faritra mbola be ala Antanambao Manampontsy. Mafana sy be orana any an-toerana, toy ny any amin'ireo tanàna sy kaominina hafa any amin' ny faritra Atsinanana. 23.2 °C ny salan'ny mari-pàna any mandavan-taona. Be ravinala na fontsy any Antanambao Manampontsy. Vokatra any ny kafe, ny vary, ny letchi, ny manga, ny ampalibe. Ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny vomanga.



